Ambanja faritra Diana 6
**Nisy namaky ny fasan'ny Mpanjaka...**

Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Ampanjakao ny rariny sy hitsiny dia hisandratra ny firenena**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 17 martsa 2022 Laharana 1275 Vidiny : **400 Ar**


**Facebook** 3
Sahirana tanteraka Rajoelina, miandry ho sarahana sisa


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fahalalahan'ny asan-gazety sy fanehoan-kevitra 3

## Avereno ny MBS ao amin'ireo televiziôna satelita

Raharaha Cnaps 2

## Tokony hogadraina koa ny ben'ny tanàna Vazahabe hoy i Fanirisoa





Mpikambana governemanta vaovao 2

## Tsy manana olona Rajoelina ministra 9 ihany no nosoloina



Lasa i Erys François 6

## Mpanakanto, mpanao rugby saropiaro amin'ny maha-Malagasy



**Ho afaka hitatitra amin'izay** 6
Nankatoavin'ny Prefet ny Rafitra Kodiaran-Droa eto Antananarivo

**Fikambanana FIAM** 3
Miantso fihaonambem-pirenena hanovana ny lalampanorenana

**Daka kely**
Tsy azo kitihina mihitsy zany ry veta sy ry vôtany ry Boaikely a !

MPIKAMBANA GOVERNEMANTA VAOVAO

# Tsy manana olona Rajoelina, ministra 9 ihany no nosoloina

Nambara omaly, teny amin'ny Lapampanjakana Iavoloha ireo voatendry ho mpikambana vaovao ao amin' ny governemanta Ntsay Christian. Amin'ny ankapobeny dia ny teo ihany no miverina raha tarafina tamin'ity fanendrena nivoaka omaly tolakandro ity. Ministra miisa 9 ihany no nosoloina, ny ankabeazan'ireo voatendry dia efa tamin'ny governemanta teo aloha ihany izy ireo, tsapa sy hita fa tsy manana olona izao fitondrana Rajoelina izao, na mety tsy misy mety miaramiasa aminy ny manampahaizana sy ireo manana traikefa amin'ny fitantanana sy ny fitarihana, noho ny tsy fahaizamitantana sy ny fanaovanaovana zavatra fahatany, sy fitenitenenam-poana ataon'ireo mpitondra amin'izao fitondrana izao. Misy ireo mpanaraka ny raharaham-pirenena no nilaza fa mbola tafaverina ihany izany "ry Veta" sy "ry Vôtany", hoy izy ireo. Ireo ministra 9 vao notendrena, ny ankamaroany dia efa tao anaty governemanta teo aloha, na tany aloha ihany izy ireo:



*Ny filan-kevitry ny ministra voalohany, natrehan'ireo mpikambana vaovao ao amin'ny governemanta.*

-Ministry ny raharahambahiny: Richard Randriamandranto.
-Mpitahiry ny fitombokasem-panjakana, ministry ny fitsarana : François Rakotozafy.
-Ministry ny fanajariana ny tany sy ny fananantany: Pierre Holder Ramaholimasy.
-Ministry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana: Tokely Justin.
-Ministry ny tanora sy ny fanatanjahantena : Tinoka Roberto.
-Ministry ny fitaterana sy ny famantarana ny toetrandro: Roland Ranjatoelina.
-Ministry ny rano sy ny fanadiovana ary ny fidiovana : Fidiniavo Ravokatra.
-Ministry ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika : Herindrainy Olivier Rakotomalala.
-Ministry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy: Vina Orléa.

Ny ministra 6 dia efa ministra teo aloha, ny 3 no tena vaovao. Ny mpikambana hafa ao amin'ny governemanta Ntsay Christian dia tsy nisy niova.

***Ny Valosoa***

Fandriampahalemana amin'ny tontolon'ny fifidianana

# Hiara-hiasa amin'ny mpitandro filaminana ny CENI

Ho fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana amin'ny tontolon'ny fifidianana, hiarahiasa amin'ny mpitandro filaminana : zandary sy polisy ny CENI. Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny avy amin'ny Vaomierampirenena Mahaleotena Misahana ny fifidianana na ny CENI, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, nahitana ny ny filoha Lefitra Voalohany, ANDRIMALAZARAY Andoniaina sy ny Mpampaka-teny RANDRIANARIVONANTOANINA Tiana Ifanomezantsoa ary ny Tonia Mpanantanteraka Nasionaly. Ny tranga izay niseho tamin'ny zoma 11 martsa 2022 tany Maintirano faritra Melaky, no niompanan'ny resaka tamin'izany. Nihàran'ny fanafihanjiolahy ny moto dimy (05), izay an-dàlana hanatitra ny lisitry ny mpifidy ho an'ny Kaominina Bebaboky Atsimo sy Antsahidoha Bebao tany amin'ny 50 km miala an'i Maintirano. Naratra tamin'izany ny filohan'ny Vaomierampifidianana eo anivon'ny Kaominina (CEC) iray any an-toerana. Efa mahazo fitsaboana ao amin'ny Hopitaly CHRR Maintirano izy amin'izao ary tsy ahiana ny ainy. Efa mandray ny andraikitra rehetra momba azy ihany koa ny ao anivon'ny CENI Foibe, sy ny rantsamangaika izay tandrifin'izany. Nisy



fahaverezana fananana manokana, sy lisitry ny mpifidy vonjimaika tamin' izany. Manome toky ny olompirenena ny CENI, fa na eo aza ny asa ratsin' ireo jiolahy dia tsy misy atahorana ny mahakasika iny lisitry ny mpifidy iny. Samy manana ny fototry ny antontam-baovao rehetra (base de données), na ny ao anivon'ny CENI Foibe, na nyao anivon'ny Foibem-paritra any Melaky. Hisy ny fanontana indray izany lisitry ny mpifidy izany ao amin'ny Vaomieram-pifidianana eo anivon'ny Faritra (CER) any Maintirano, ka ho alefa any amin'ireo Kaomininina roa ireo izany lisitry ny mpifidy voatonta izany, mba hahafahan'ny mpifidy manamarina ny momba azy, sy hahafahana manatontosa ny asa rehetra amin'ny fanavaozana isan-taona ny lisitry ny mpifidy. Anisan'ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasan'ny CENI, sy ny mpitandro filaminana ny tranga tahaka izao hoy ny fanambarana, ka ho hamafisina kokoa noho ny hatramin'izay izany fiaraha-miasa izany, sy ny serasera amin'ireo tompon'andraikitra misahana ny filaminana, ho fikajiana ny fandriampahalemana eo amin'ny tontolon'ny fifidianana.

Fa ny andrasan'ny maro, indrindra ny mpanao politika amin'ity resaka fifidianana sy ny lisi-pifidianana ity dia ny fanavaozana manontolo izany lisitra izany, na refonte totale, izay atao isaky ny 10 taona, ary efa tokony hataon'ity rafitra mpikarakara fifidianana ity amin' izao fotoana. Samy miandry izay ny rehetra.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Ampanjakao ny rariny sy hitsiny dia hisandratra ny firenena

Manjaka tokoa ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin' ity firenena ity, raha ny trangan-javatra maro samihafa re sy hita etsy sy eroa no jerena. Tranga iray nanaitra ny maro, indrindra fa ireo mpiasa sy niasa tamin'ny orinasa tsy miankina, ny momba ny fampiasana sy ny fitantanana ny vola tao amin'ny Cnaps, izay nivoaka tamin'ny haino vaky jery. Raharaha izay nitranga tao ho ao, niakatra teny amin' ny fitsarana sy teny amin'ny sampandraharaha miady amin'ny kolikoly. Ny nanaitra ny maro dia ny amin'ny filazana, fa ny mpiasa miasa mafy any amin'ny orinasany any ary boriana ny ampaham-bolany isam-bolana arotsaka ao amin'ny Cnaps, hitsinjovana ny fisotroan-dronono amin'ny fahanterany. Karama efa kely mbola nanapahana izany, tsy maninona raha mandeha amin'ny ara-dalàna ny fitantanana azy. Tsy izany anefa, fa ny re dia nambara fa misy ireo tsy misasatra mitatatra na mitavana sy zary toa migalabona amin'izany volan'ny mpiasa madinika izany. Eo ilay tsy rariny sy tsy hitsiny. Malagasy manambaka ny mpiray tanindrazana aminy io ary tsy miahotra manao izany fomba ratsy izany. Fiainam-bahoaka tsy milamina izany, ary andrasana ny famahana izany olana izany ankehitriny ao anatin'izao toe-draharaha mafana eo anivon'ny Cnaps izao.

Tranga maro samihafa no isian'ny fanjakan'izany tsy filaminam-piarahamonina izany tato anatin'ny taona maro izay. Ny fanjakana tsy hita ho manam-piniavana hamaha ny olana sy hanafoana izany toe-javatra mitsentsitra ny hatsembohan'ny hafa izany hatreto. Fitondrana izay variana amin'ny zavatra hafa, indrindra ny resaka kajikajy politika. Dia tavela eo ny resaka momba ny fiahiana ny olom-pirenena tsy an-kanavaka, fa izay heverina hahafahana mihazona ny toerana sy ny tombontsoa ihany no tsipatsipazana vola kely hanampena-maso azy. Tsaroana mandrakariva ny teny mahitsy nataon'ny profesora James Ratsima, fa ny fitondrana mihitsy no manao izay isian'ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ity firenena ity. Tsy mahasoa ny firenena sy ny hoaviny velively anefa izany, n'inona n'inona ezaka ataon'izao fitondrana izao amin'ny lafiny fampandrosoana. Manan-kasina mantsy ny Malagasy sy ny taniny na dia eo aza izao mitranga ankehitriny izao.

***Sôh'son***

Raharaha Cnaps

# Tokony hogadraina koa ny ben'ny tanàna Vazahabe hoy i Fanirisoa

Mbola nitondra ny fanehoan-keviny mahakasika ny raharaha Cnaps i Fanirisoa Ernaivo, anisan'ireo mpitarika ny fanoherana any ivelany amin'izao fotoana, omaly, tao amin'ny tambazotran-tserasera sôsialy. Nambarany tamin'izany fa tsy tokony ho ireo olona miisa 5 tao amin'ny Cnaps ihany no nosamborina, fa tokony ho samborina koa ny Vazahabe Naina Andriantsitohaina ben'ny tanànan' Antananarivo, sy ireo ekipany nindram-bola 11 miliara Ar tao amin'ny Cnaps, hividianana ny Easy Park. Fandikan-dalàna koa mantsy hoy ity mpitsara, mpa-



hay lalàna ity, ny nataon' ny mpitantana ny kaominina Antananarivo Renivohitra momba ity raharaha Cnaps ity. Toy izany koa, fandikan-dalàna ny nanomezana vola avy amin'ny Cnaps ho an'ny mpanazatra ny Barea teo aloha Nicolas Dupuis, izay efa an-jatony tapitrisa Ariary mahery koa izany. Lasa toa tantely afa-drakotra fotsiny mantsy hoy izy ny volan'ity tahiry ho fitsinjovana ara-tsosialy ny mpiasa amin'ny tsy miankina ity, nefa ireo mpiasa sy ny fianakaviany tsy tena misitraka izany vola, latsakemboka izay efain'izy ireo isambolana izany, ireo mpiasa amin'ny tsy miankina anefa no tena mameno io kitapom-bolan'ny Cnaps io. Mbola ho tantara mitohy, sy ho randra-mitarika ity raharaha ity, tokony ho saziana avokoa izay nanao ny tsy mety !

***Stefa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fahalalahan'ny asan-gazety sy fanehoan-kevitra

# Avereno ny MBS ao amin'ireo televiziôna satelita

13 taona androany, 17 martsa, ny tranga mamoafady izay nanaovan'izao mpitondra tarihan-dRajoelina Andry izao, ny fanonganam-panjakana. Maro amin'ireo niara-dia tamin'izany no mbola manamafy fa tsy fanonganam-panjakana no nisy satria, hono, ny Filoham-pirenena no nametrapialàna ary nampita ny fahefany tamin'ny fitondrana miaramila (Directoire Militaire). Raha ny voarakitra tao amin'ny Lalàmpanorenana tamin'izany tokoa dia ny Filohan'ny Antenimierandoholona no tokony nampitàna ny fahefana. Na tiana na tsy tiana anefa dia nanamafy ny fisian'ny fanongana ny Kolonely mpiara-mibaiko ny FIS tamin'izany, fa efa nanomboka ny janoary 2009 no nanomanan-dRajoelina Andry sy politisiana maro ny fanonganana. Iaraha-mahatadidy ihany koa ny nanerena ireo jeneraly 4 nampita ny fahefana nomena azy tamin-dRajoelina Andry teny Soanierana. Azo lazaina fa niamboho adidy ireo jeneraly ireo satria nampitaina tamin'izy ireo ny fahefana, ka tokony ho noraisiny kanefa moa teo ny tsindry nahazo azy ka, angamba, "aleo maty rahampitso toy izay androany", araka ny fitenenana dia aleo nanaiky ny fampitàna ny fahefana. Matoa ny mpivory tany amin'ny Firenena Mikambana naneho ny tsy fankatoavany ny nandraisan-dRajoelina Andry fitenenana sy nanomezan'ny nandray fitenenana ny famaritana azy ho "tsy manana hatsarana" (sans qualité), dia tsy nisy akafa nandà fa tena nanongam-panjakana tokoa Rajoelina Andry. Tsiahivina eto ihany koa, fa tsy nisy afaka naneho hevitra nandritra ny tetezamita ary izay saika nihetsika nitaky ny fahalalahana naneho izany dia nofahanana gazy mandatsadranomaso. Na ny kianja nomeny ny anarana Kianjan'ny Demokrasia aza tsy azo nidirana hatramin'izao satria fitohizan'ny tetezamita izao. Na dia nisy aza ireo nanokatra fampielezampeo miafina nentina nilaza ny marina momba ny toe-draharaha dia natao haza lambo izy ireny. Ny MBS moa dia efa nodorana sy nopotehina ny fiandohan'ny taona 2009, ny 26 janoary. Tonga teo amin'ny fitondrana ny Filoha Rajaonarimampianina Hery dia nanaiky ny nanokafana indray ity radio televiziona MBS ity. Fotoana fohy taorian'ny nanomezan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpananorenana ny fahefana tamin'ny alàlan'ny didy tsy azo ivalozana, ka nanendrena ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina ankehitriny dia notereny nanapaka ny fifanarahana tamin'ny MBS ireo orinasa mpampita amin'ny alàlan'ny satelita ny fandaharany. Na izany na tsy izany dia nisy ihany no mbola afaka nampita ny fandaharana kenefa dia noteren'ny fitondrana indray ity orinasa ity tsy hanohy izany intsony. Tsapa araka ity tranga ity fa tsy zakan'izao fitondrana izao mihitsy ny ahafantaran'ny any amin'ny Faritra ny zava-misy marina eto amin'ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra. Misy tokoa mantsy ireo fandaharana ao amin'ny MBS mamotsipotsitra ny fitenitenenana foana, ny adalàna sy ny tsy fanajàna ny teny notenenina ary fanitsakitsahana ny lalàna velona ataon' izao fitondrana izao. Tsy vitsy amin'izao fotoana ny mitaky ny hamerenana indray ity fahitalavitra tsy miankina ity ao amin'ireo televiziôna satelita eto amintsika toy ny Canal +, na Canalsat, ny Startimes, ny Parabole,… satria zon'ny olom-pirenena rehetra ny hahazo ny vaovao rehetra, izany dia ao anatin'ny fahalalahana maneho hevitra, sy fahalalahan'ny asan-gazety voafaritry ny lalampanorenana. Na izany na tsy izany dia efa mahatsapa sy mahita ary afaka manamarina ny olompirenena manerana ny Nosy fa mavo vava ny filohan'ny Repoblika. Azo inoana fa na dia tampenam-bava amin'ny fomba rehetra aza ny mpampita vaovao sy mpisintona lakolosy fanairana dia tsy maintsy iparitaka tsy azo tohaina ny vaovao marina satria mbola manjaka eto ny fampitam-baovao miampitapita ataon'ny olona na de bouche à oreille. Efa mahazo laka ihany koa ny fahafantaran'ny vahoaka Malagasy ny tena toetran'ny filohan'ny Repoblika, ka azo antoka fa hisy fiantraikany eo amin'ny vato ho azony amin'ny fifidianana 2023 izany.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Sahirana tanteraka Rajoelina, miandry ho sarahana sisa



**Kelly Geant:** sahirana tanteraka Rajoelina amin' izao fotoana, MIANDRY SARAHINA SISA ZANDRIKELY ! KENDA ! REHEFA NASAIN'NY OLONA NAMERIM-BOLA SATRIA TSY HITA IZAY NANAOVANA NY VOLA DIA MBOLA TRATRAN'NY : INEFFICIENT , INEFFICACE IHANY NDRAY ! DIA MBOLA TAKIANY CONDITION BE NDRAY, SY FAKTIORA IZAY LANY TEO ALOHA VAO HOMENY ILAY VOLA DE 65 MILLION DE DOLLAR!
ZAO NDRAY KA SAHIRANA AMIN'NY FANANGANANA GOVERNEMANTA SATRIA MENATRA NY PTF RAHA IREO EFA TSY NAHOMBY NO MBOLA HAVERINA ! ARY METY HITARIKA FITARAZOHANA AMIN'NY DÉBLOCAGE-NA SAOSY!
IREO NEFA DIA SAMY MITANA SECRET TSIRAIRAY : AO NY MITANA NY SECRET FANAFARANA FITAOVAM-PIADIANA SY TOMPON'NY MOLOTRA SY WAWAWA, AO NY MITANA NY SECRET NA BOIS DE ROSE, AO NY MITANA NY SECRET NA FANONDRANANA VOLAMENA , AO NY AKAMAN'I PAPA , AO NY MITANA NY SECRET NY LAPABE AO ANDAPA , AO NY MITANA NY SECRET NY FIFIDIANANA HALATRA NA NY DOUBLON, AO NY MITANA NY SECRET NY FANONGANAM-PANJAKANA , SNS E...
ISIKA KOSA MIHA- MINAN'NY TADINY ISA- MINITRA IHANY!
NEFA DIA POROFO EFA MIHARIHARY ZAO FA HO FATY NOANA ETO NY VAHOAKA MALAGASY NOHO NY HALATRA SY TSY FAHAIZA- MITANTANA HATAON'IRETO MPITONDRA IRETO! IZAY MISY VOLA ZAO BAKOAVIN-DRY LEMATY REO!
**Voahangy Randria:** zao ilay hoe "ny ratsy atao loza mihantona". Vahoaka 25 tapitrisa ve no anaovanareo ratsy. Mety mbola anatin'ny 99 andro ianareo zao nefa tsarovy fa tsy maintsy ho tonga ilay 1 andro sisa izay tsy anareo an.
**Aurelien Raharinandrianjafy :** misy farany ny zavadrehetra . Ny alahelon'ny Malagasy . Mbola ho tsaraina e !
**Yvette Randimbisoa :** may volo tratra zany zao.
**Rakotoniraìny Ernestòs Rijàs :** d hoy zahay hoe : ahoana ihany ary ity? d fidio ihany ny mihinan'IEM e !

**Fikambanana FIAM**

# Miantso fihaonambem-pirenena hanovana ny lalampanorenana



*Ireo mpitarika ny fikambanana Fiam.*

Ny rafitra misy eto Madagasikara no misakana ny fampandrosoana, satria ny vahiny no mibaiko ny zavatra rehetra tanterahina, hatramin'ny nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovan-tena. Nampahafantarina tamin'ny fomba omaly, tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina ny fikambanana FIAM (Fanorenana ifotony an'i Madagasikara).Fikambanana mampivondrona ny olom-pirenena tia tanindrazana, ho fanavotana ny firenena amin'ny alalan'ny fandravonana ny olana ara-politika, ara-toe-karena, aratsosia- ly eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Nilaza Andriamatoa Joseph Yoland mpikambana ao amin'ny FIAM, fa ny fanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena handraisan'ny hery velona rehetra anjara, sy ny fanovana ny lalampanorenana alohan'ny fanatanterahana ny fifidianana, no laharam-pahamehana. Naneho hevitra Andriamatoa Johny Paul mpikambana ao amin'ny FIAM, fa ilaina ny fametrahana ny fanorenana ifotony amin'ny alalan'ny fandraisan'ny Malagasy rehetra anjara amin' ny zavatra atao eto Madagasikara, mba hisian'ny fitoniana ara-drafitra sy ara-tsosialy ary aratoekarena. Nilaza koa Andriamatoa Ramanantsoa Victor mpikambana ao amin'ny FIAM, fa ny fampivondronana ny hery velona rehetra no herijika ahafahana manatratra ny tanjona amin'ny alalan'ny fiaraha-mientana ataon' ny olom-pirenena, izay hamaritra miaraka ny lalan-kizoran'ny firenena. Mbola hitety an'ireo hery velona rehetra eto Madagasikara ny fikambanana FIAM, handresy lahatra an'ireto farany amin'ny fanatanterahana ny fanorenana ifotony, satria tokony hiainga avy eny amin'ny fokontany avokoa ny rafitra sy ny politika hitantanana ny fanjakana.

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### TAHIRY FITSINJOVANA ANJAKAN`NY FAHALOVANA

Volanay mpiasa anie no mihodina ao tsy misy fetra,
Nefa toa `nareo mpitondra no mitavana, miletra ?
Raha vao mba mahazo kely sombintsombim-pahefana,
Dia mangalatra ao daholo, tsy hay fefena, tsy hay rarana ?

Tena toy ny fantsakana tsisy mpiambina ny ao,
Ka tsy mitsahatra manovo na "ny tonta" na "ny vao".
Ny lasa, tsy mitondra tapany, ny vao, tsy mahalala onony.
Tena odianareo tsy fantatra ny hoe "mety" sy "ny antonony"!

`Zahay mpiasa aloha hatreto, mihamahantra, mihabòka,
Nefa indreo `nareo mpitantana , mihamatavy, voky tsoka.
Nampiasaina any amin`ny tsy izy "ny tahiry fitsinjovana",
Ka ny mpiasa no mijaly sady mihafadiranovana !

Ireo mba sahisahy miteny dia iharam-pandrahonana,
Ary na ny marina aza dia ezahina takonana.
Saingy miantso anao mpiasa tsy handefitra intsony,
Ka handa "ny tsindritsindry" ataon`ireo mpitondra ambony.

Latsakembokao no ao , ny volanao no mihodina ao,
Ka aza ekena "ny tantely afa-drakotra" toy izao.
Miraisa hina re ry mpiasa, aoka ho tokana ny feo:
"Mialà `nareo ry deba be mpanodinkodim-bola ireo !"

***TSIMIMALO (12-03-22)***


FAMBOLE-KAZO
Hataon'ny
Tanora
Tiako i Madagasikara
Diégo-Suarez
Sy
Jeunes
RMDM
Diego- Suarez
PROGRAMME : SAMEDI LE 19 MARS 2022
FAMBOLE-KAZO ANY DIEGO II ANTANAMITARANA
RENDEZ-VOUS:
TIKO AAA en face BANQUE
BIN Place kabary
Diego-suarez
à 07h AM
CODE DRESS:
TEE-SHIRT FOTSY NA MENA
:2000Ar Aller/Retour

## NY TENY FIAINANA

*Aoka hisikina ny valahanareo sy hirehitra ny jironareo.*
***Lioka 12:35***

BAOLINA KITRA

# Miditra amin'ny andro faha-13 ny Orange Pro League 2021/2022

Miditra amin'ny andro faha-13 ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022" amin'ity faran' ny herinandro ity: sabotsy 19 sy alahady 20 martsa 2022, ka ho lalao miisa 3 no harahina amin'ny sabotsy raha 4 kosa amin'ny alahady. Ny kianja Maître Kira Toliara dia handray lalao hatrany amin'ireo andro roa ireo.

**Fandaharan-dalao rehetra :**

Sabotsy 19 martsa 2022:
14:30-Ajesaia # Five Fc (Kianja "Elgeco Stadium By-Pass"),
14:30-Jet Kintana # Uscafoot (Kianja manarapenitra Ambohidratrimo),
14:30-Jfc Toliara # Elgeco Plus (Kianja « Maître Kira Toliara »),
Alahady 20 martsa 2022:
14:30-Fosa Juniors Fc # Cosfa (Kianja Rabemananjara Mahajanga),
14:30-Tia Kitra Fc # As Fanalamanga (Kianja « Barikadimy Stadium Toamasina),
14:30-3Fb Toliara # Cffa (Kianja « Maître Kira Toliara »),
14:30-Zanakala Fc # A.Dato Fc (Kianja « Stade Moderne Ampasambazaha »).



*Lalao baolina kitra Orange Pro League 2021/2022.*

***Rainilita***

Ligin'ny Judo Analamanga

# Nahavita ny « 1er meeting d'arbitrage »

Tanteraka tetsy amin'ny « Institut de Judo Faravohitra », tamin'ny sabotsy 12 martsa 2022 lasa teo, ny « 1er meeting d'arbitrage » ho an'ny ligin'ny Judo Analamanga. I Maître Andriamanantena Tantely, no voatendry ho « Directeur de l'arbitrage » eo anivon'izany ligy izany ary tonga dia nandray ny asany tamin'io hetsika io. Marihana fa nisokatra ho an'ireo arbitre rehetra, na lahy na vavy ity hetsika ity ary nisokatra hoan'ireo "arbitres debutants" ihany koa. Ny fiofanana manaraka dia hiarahana amin' ny « Corps des sapeurs Pompiers d'Antananarivo », izay fiofanana tena ilaina tokoa ho an'ireo mpanazatra rehetra tsy misy ankanavaka.

***Rainilita***



*Meeting Judo teny Faravohitra.*

Neymar Jr

# Voasiokan'ny mpijery tao amin'ny Parc des Princes tany Paris

Voasiokan'ny mpijery baolina mpankafy ny PSG, tao amin'ny kianja Parc des Princes tany Paris, tamin'ny alahady 13 martsa 2022 lasa teo, ilay kintan'ny baolina kitra Breziliana malaza Neymar Jr, nandritra ny fihaon'ny Psg tamin'ny ekipan'i Bordeaux, naharesen'ity ekipa hilalaovany ity indray 3-0 tamin'io fotoana io, rehefa nahintsan'ny Real Madrid tamin'ny 1/8-dalan'ny « Ligue des champions 2022 » any Europe tamin'ny alarobia 9 martsa lasa teo. Mihozongozona araka izany ny toeran'ity mpilalao ity ao amin'ny PSG. Mety herinandro farany hitoerany any Paris ity herinandro madiva hifarana ity. Marihana fa anisan'ny nahazo fanakianana mavaivay tamin'ireo mpijery baolina any Paris, niaraka tamin'i Neymar ihany koa ilay kintan'ny baolina kitra Argentin, Lionel Messi.



*Ilay kintan'ny baolina kitra Breziliana Neymar Jr.*

***Rainilita***

« Champion's League » any Eorôpa

# Nahintsan'ny Athlético Madrid ny Manchester United




*Ny sasany amin'ireo mpilalaon'ny Athlético Madrid.*

Tafita amin'ny dingan'ny 1/4-dalan'ny fifaninanana baolina kitra "Champion's League" any Eorôpa tamin'ny lalao miverin'ny 1/8-dalana, ny ekipan'ny Athlético Madrid, rehefa nandresy an'i Manchester United "Colchoneros" 0-1, tamin'ny talata 15 martsa 2022, tao Old Trafford. I Renan Lodi no nahatafiditra ny baolina tokana (40e) antoky ny fandresen'ny Athlético tamin'izany. Nahay niray hina tanteraka ny vodilaharan'ireo mpilalaon'ilay mpanazatra Diego Simeone na dia nanindry mafy aza ny "Mancuniens" notarihan'i CR 7. Marihana fa ady sahala 1 – 1 no nisarahan' ny roa tonta tamin'ny lalao mandroso tamin'ity 1/8-dalana ity.
Ny vokatry ny lalao 1/8-dalana nifandrindran-dalana tamin'ity lalao ity : Ajax 0-1 Benfica.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Anandrano sy totoken'omby** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Tsy azo atao ny manome rano olona maratra mafy ka very rà be



Tsy azo atao ny manome rano hosotroina olona maratra mafy ka very rà be, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mahatonga ny maratra tsy hahatsiaro tena, ka maneho fahasarotana izany. Rariny ny olona iray maratra ka te hisotro rano raha very rà betsaka, satria saika ny rano rehetra tao amin'ny vatany no lasa. Raha omena rano ireny olona ireny dia hijanona tampoka eo ny fony. Rehefa very rà betsaka mantsy isika dia mitsinjara araka ny tokony ho izy ny fikorianan'ny rà amin'ny vatana ny fo, manoloana ny tsy fahampiany. Amin'izay fotoana izay dia hitombo tsy toy ny mahazatra, ka lasa haingam-piasa ny fontsika. Vokany, raha misotro rano ny olona maratra dia mitombo roa avo heny ny havizanan'ny fo, ka tsy mahatosika rà intsony ary mety hitarika amin'ny fahafatesana. Ny tokony hatao raha sendra olona maratra mafy very rà dia entina mamonjy toeram-pitsaboana na tsy omena rano ho sotroina aloha.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antsahidoha Bebao any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'Antsahidoha Bebao any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsahidoha Bebao ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any afovoany andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy satria 66 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny raphia, ny voanio fakana menaka. Mpiompy omby koa ny mponina any Antsahidoha Bebao.



AMBANJA FARITRA DIANA

# Nisy namaky ny fasan'ny Mpanjaka, tsy nisy taolana very anefa

Araka ny vaovao voaray, nisy namaky ny fasan'ny Mpanjaka any Ambanja any amin'ny faritra Diana. Nahitana fahavakisany ny fasan'ny Ampanjaka ao Doany Be, Antsifitry Kaominina Benavony distrikan' Ambanja . Ny alatsinainy lasa teo no hita nisy fahavakisana ny fasana atao hoe Mahabo Tsifoenarivo. Rehefa nataon'ny mpitandro filaminana ny fitsirihana dia hita, fa varavarana 6 no vaky, izay misy razan'ny Mpanjaka Ndriamagnaragnarivo sy ny taranany , tsy nahitana fahaverezan'ny taolana kosa nandritra ny fanarahamaso. Araka ny tombatombana, mety jiolahy nitady volamena sy zavatra sarobidy, no antony nahatonga ny fahavakisana, satria asiana volamena sy zava-tsdarobidy rehefa manitrika ireo Ampanjaka amin'ireny fasana ireny. Marihina fa tsy misy mpiambina ity fasana ity ary anaty ala lavitra ny tanàna ihany koa. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro ny filaminana any an-toerana ny fanadihadiana momba ny raharaha.

**Niaina**



*Fasan'ny Mpanjaka vaky tany Ambanja.*

Noho ny haratsian-dalana

# Fiara tapaka hisatra nivarina tany an-tanimbary tany Vondrozo

Noho ny haratsian-dalana, fiara iray no tapaka hisatra ary nivarina tany an-tanimbary, tany amin' ny distrikan'i Vondrozo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Olona miisa 4 no naratra mafy vokatr'izany. Distrika mbola misedra olana amin'ny haratsian-dàlana i Vondrozo. Itrangana lozampifamoivoizana matetika ny làlam-pirenena faha 27, na fahavaratra na main-tany. Ireo fiara mpitatitr'olona no tena lasibatra, ankoatra ny fiara madinika sy kamiao mpitatitra entana. Ny talata teo, fiara iray mpitatitr' olona no nivadika, ka nivarina tany an-tanimbary, tao Masomboay, teo anelanelan'i Vondrozo sy Farafangana, ao anaty ny làlam-pirenena faha 27 no nitrangan' ny loza. Raha ny filazan'ireo mpandeha, dia tapaka hisatra ity fiara tra-doza ity, nihazo fidinana izy ka nirifatra tsy voatanan'ny mpamily intsony. Tsy nisy ny aina nafoy, fa olona efatra no fantatra fa naratra mafy ary efa misitraka fitsaboana, ny ambiny kosa tsy nisy naninona. Simba ny fiara vokatr'izao lozam-pifamoivoizana izao.




*Ilay fiara mpitatitra niharan-doza tany Vondrozo.*

**Stefa**

Ho afaka hitatitra amin'izay

# Nankatoavin'ny Prefet ny Rafitra Kodiaran-Droa eto Antananarivo

Afaka mitady vola amin'ny alalan'ny fitaterana kodiaran-droa ny tanora eto Antananarivo Renivohitra, satria efa nahazo « Récépissé » tamin'ny « Prefet an'Antananarivo » ny rafitra kodiaran-droa nanomboka ny 14 Febroary 2022 lasa teo. Nilaza Andriamatoa Ramamonjisoa Fulgence filohan'ny fikambanana AKD (Association Kodiaran-Droa), fa efa manana « Statut » ara-dalàna ihany koa ny fikambanana manomboka izao ary ity rafitra ity no antoka iray ahafahana miroso amin'ny fanarahan-dalàna ny fitaterana ny kodiarandroa, ao anatin'izany ny « Taxi moto ». Nanohy fanazavana ity filohan'ny AKD ity, fa hifampidinika amin'ny fiadidian'ny kaominina Antananarivo (CUA) ny AKD, hijery akaiky ny fomba hahazoana ny « Licence » miaraka amin'ny fiofanana, hahafahan'ireto farany mifehy ny fifamoivoizana kodiaran-droa, ka hampanara-dalàna ny fitaterana hataony. Nanohy fanazavana izy, fa hiarahiasa amin'ny polisim-pirenena ny fikambanana AKD, mba hametrahana fandriampahalemana eo amin'ny fitaterana: halatra moto sy ny fanendahana, ny fanenjehana an'ireo mpitatitra tsy manara-dalàna eto an-drenivohitra. Nanao antso avo amin'ny mpitatitra kodiaran-droa ny filohan'ny AKD, fa tokony hanatona ny fikambanana ireto farany, mba hiditra amin'ny sehatry ny ara-dalàna sy hisian'ny firaisankina eo amin'ny mpitatitra. Miisa 40 ny mpikambana ao amin'ny AKD hatramin'izao ary etsy amin'ny tranoben'ny XENON Garage 67 Ha no foiben-toerany.




**Franck Razakambelo**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, ary halefa amin'ireo rehetra mety hiantefany koa, indrindra ny ao amin'ny ministeran'ny fitsarana.
Mbola miandry ny famoahana ny marina t@ famoahana sy fampamonoana ny olon'ny Mpanohitra tany Toliara izahay. Tsy adinonay velively ireny habibiana nataon'ny olon-tsy vanona ireny. Famoonana tsotra izao no natao, fa tsy nisy halatra velively tao satria vao avy namono ny jiolahy dia lasa niala.
Ny Filoha RAVALOMANANA Marc Filohan'ny mpanohitra dia nilaza fa misy antony POLITIKA no nampamonoana azy.
Miantso ireo olona avy any Toliara koa mba hiaraka hitaky ny famoahana ny marina t@ ireny habibiana ireny.
TSY ADINONAY VELIVELY. AVOAHY NY MARINA RY MPIKARAKARA NY FANADIHADIANA SY FITSARANA MOMBA IO RAHARAHA IO.

***Andrianjakahasina Rasamimanana***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa***

Lasa i Erys François

# Mpanakanto, mpanao rugby, saropiaro amin'ny maha-Malagasy

Nodimandry ny Zoma 11 Martsa 2022 tamin'ny 04 ora hariva i Rajerison François Regis fantatra amin'ny anarana maha-mpanankanto hoe Erys François, 78 taona izy izao lasa izao.
Mpamorona sady mpihira i Erys François, maro ireo hira nahafantarana azy toy ny hoe : Noro o ! O indrisy e!, Takariva kely, O manafo, Ny talenta , Eny ambanivohitra , Feombaliha harivariva, sns…
Mbola maro ireo sangan'asan'i Erys François no mbola tsy vita fandraisampeo, fa ankoatr'izany dia mbola namorona hira fitoriana ihany koa i Erys François toy ny hoe: Vavaka, Henoy tompo o, Vonjeo, sns… Marihina f'ireo hira fitoriana ireo araky ny fanazavana avy amin'i Erys François dia vokatry ny fihainoana ny hiran'ireo Amerikana mainty hoditra, no nahatonga ny aingampanahy niteraka ny famoronana.
Fa nanavanana an'i Erys François ihany koa ny fikaloana ny hiran'ireo mpihira zokiny fahiny nalaza toa an'i Ossy, Barijaona, Gabhy, Romule, sns… Matetika rehefa manafana lanonana izy dia mihira hatrany ny sangan'asan'ireo mpihira voalaza ireo ankoatran'ny hira noforoniny .
Hita taratra tamin'ireo hira noforonin'i Erys François sy ireo hiran'olonkafa kaloiny matetika ny toetrany, izay nahatsapana fa izy dia olon'ny fihavanana, antra olona, saropiaro amin'ny maha-Malagasy, kanefa koa dia hentitra amin'izay ataony ary mijoro hatrany amin'ny hevitra maharesy lahatra azy, ary tsy misangy raha vao resaka fitiavan-tanindrazana.
Taorian'ny hagaigena nataon-dRajoelina sy ny forongony ny taona 2009, dia anisan'ireo nijoro niaraka tamin'ny zanak'i Dada i Erys François, nitaky ny fodian' ny Filoha Ravalomanana an-tanindrazana sy niady mafy ny fiverenana eo amin'ny fitondrana. Iray tamin' ireo mpanakanto nahasahy nijoro tsy amin-tahotra na amin-kenatra izy, fa dia niseho tsy tamim-pihambahambana naneho ny talentany, ary tsy nisy fitakiana vola na tambiny ny fandraisany anjara.
Rehefa nisy hetsika lehibe nataon'ny Zanak'i Dada teo amin'ny Kianjan'i Magro, dia andrasana fatratra ny fijoroan'i Erys François, ary ireo mpitolona rehetra dia samy vaky vava hoe, banga sy very ny tolona raha tsy nisy azy.
Tamin'ny faramparan'ny taona 2021 dia mbola tonga teny amin'i Kianjan'i Magro Behoririka i Erys François, niaraka nanafana ny fetin'ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) eto Analamanga, marihina fa izy dia sarotiny tanteraka amin'ny tsy maintsy isian'ny famerenan- kira vao miaka-tsehatra ary indrindra eo amin'ny fomba fitafy rehefa miantsehatra dia tsy manaiky mihitsy i Erys François raha tsy manao fitafiana mianjaika.
Mpiasa tao amin'ny Minisiteran'ny Kolontsaina i Erys François hatramin'ny taona 2004 ,fotoana nandehanany nisotro ronono, mpilalao baolina lavalava na ''Rugby'' ihany koa i Erys François, mamy hoditra teny amin'ny fokontanin' Antohomadinika III-G Hangar izy, izay tanànan'ny ray amandreniny sy nitoerany fony kely hatramin'izao izy lasa izao .
Marihina eto am-pamaranana, fa ny zanany lahitokana ihany koa dia nandova ny talentany, izay antenaina fa hamelomaso ireo sangan'asany sy hiketrika ireo vary mangatsiaka navelany.
Lasa i Erys François ilay mpanankato saropiaro tamin'ny mahamalagasy azy, notanterahina tao amin'ny Ekar Antohomadinika ny fanomezamboninahitra an'Andriamanitra nialoha ny nanaterana azy teny amin'ny fasandrazany teny Ambohitrarahaba.
Ny Mpitantana sy ny Mpiaramiasa rehetra eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakavian'i Erys François, sy ireo namany eo amin'ny sehatry ny zavakanto. Mandria am-piadanana Erys!

***Ny Valosoa***



*Erys François fahavelony.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 12/03/2022 hatramin'ny 19/03/2022**

- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy Près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA : Rahelisoa A. 034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika: Isambilo: 033 24 783 65 / Rajo: 033 80 022 53 / Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena : Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina: Aris: 034 17 460 53 / Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena: Lita: 033 41 557 69

Mailaka: gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7


Fametrahana 1275-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAROTRA SY FANJIFANA

## Mihetsiketsika miaro ny mpanjifa, ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa

Notanterahina ny talata 15 martsa teo ny fotoam-pankalazana ny andro manerantany iarovana ny zon' ny mpanjifa, ka tetsy Antaninarenina "Chambre de Commerce ", no nanamarihana ny anjarantsika tamin'izany. Fotoan-dehibe tsy tsara atao ambanin-javatra izany ho antsika malagasy, mba ahafahantsika maneho ihany koa fa tombontsoa iraisan'ny besinimaro no tandrovina ao anatiny, ka tsy tokony hisy sakantsakana atao amin 'ny mpanjifa, raha misy zavatra takiana, satria na ny mpitondra aza dia mpanjifa avokoa, ka tokony hamela malalaka ny rehetra tsy ankanavaka haneho ny heviny amin' izao fiakaran'ny vidim-piainana izao : vidin-jiro mihoa-pampana, ny PPN tsy takatra intsony, tsy mifanaraka amin'ny karama kely mba raisina izany, ny saran'ny fifandraisana midangana izay tsy izy sy ny sisa... Ny mpiaro ny zon' ny mpanjifa dia efa miantsoantso hatrany amin' izao vidim-piainana midangana tsy an-kiato izao, fa mampiteny ny moana ho izy ireo ny laharana misy antsika maneran-tany, nefa dia mbola manafatra ihany na dia tokony ho efa hahita vaha-olana eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana aza ny eto antoerana, voabahan'ny antsoantso taloha nanao hoe: ny làlana angaha mahavoky? eo koa ny tsy fahaizana mijery ny laharam-pahamehana, ny tsy fihainoan'ny mpitondra ny tsikera fanatsarana ataon' ny mpanohitra sy ny vahoaka madinika, eo amin' ny sehatry ny fanjifana. Nisy fandaharam-potoana 2 lehibe io fotoam-pankalazana io, ka ny tapany maraina nanomboka tamin'ny 9 ora, dia fanehoana mivantana ny tombontsoan'ny mpanjifa, ary ny tolakandro dia fanabeazana ny mpanjifa, mba hahafantatra ny zony, izay samy notarihan'ny filohan'ny FIMZOMPAM, Tiana Rabarison, ary natrehan' ny avy amin' ny ministeran'ny varotra sy ny fanjifana, niaraka tamin'ireo fikambanana maro izay efa miray dia amin'izany. Tiana ny manamarika fa fotoam-pankalazana no natao ny talata teo, fa ny asa fiarovana ny zon'ny mpanjifa dia mitohy tsy an-kiato, ary tsy mba hisy hanakantsakana intsony raha ny fanirian'ny maro ao anatiny, sy izay mahatsapa fa mpanjifa ihany koa raha mbola mandia tany sy firenena.



*Ny filohan'ny FIMZOMPAM, Tiana Rabarison.*

***Beharo***

Akany Toro-Zo

## Manampy ny olona amin'ny olan'ny fananantany sy ny tontolo iainana

Nanatanteraka varavarana misokatra ny teo anivon'ny akany Toro-Zo ny sabotsy lasa teo, izany no natao hoy Andriamatoa Joël Razakarivony mpandrindra voalohany ny tetikasa Alliance Voahary Gasy dia ho fampanatonana ireo sampandraharan'ny fananantany sy ireo olona manana olana amin'izay ary ireo olona izay mahita olana amin'ny tontolo iainana. Tonga maro ireo olona indrindra fa ireo manana olana amin'ny fananantany, tanjona tamin'izao dia ny mba hanampiana sy hamporisihana ny olona hanatona ny biraom-panjakana ary ialana amin'ireo mpanera sy mpanao kolikoly, satria mbola hita sy tsapa fa mbola manahirana ny Malagasy ny fanatonana ny biraom-panjakana, ka manampy sy manara-maso ireo olona manana olana hanatona azy no andraikitra sahanin'ny Akany Toro-Zo. Efa manodidina ny 50 ny tonga namonjy ny Akany Toro-Zo nandritra ny volana vitsivitsy nisokafany teto Morondava izay.

***Rajepa***




*Joël Razakarivony, mpandrindra voalohany ny Alliance Voahary Gasy.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 387




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0386)

**Mitsivalana**
- Sempotra
- Aato (miv) - Sa
- Kininina
- D.S - Nay
- Tsioka
- Anio (miv)
- Alika - OH

**Mitsangana**
- Sokatra
- (H)ety
- Mandidy
- Paiso
- Koa
- Tsinay
- Rana - No
- Havia (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 387

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | ■ | |
| 2 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | ■ |
| 4 | | | | | | | | | | |
| 5 | | | | | ■ | | | | | |
| 6 | | | | | ■ | | ■ | | ■ | |
| 7 | ■ | | | | | | | ■ | | ■ |
| 8 | | | | | | ■ | | | | |
| 9 | | | ■ | | | | | | | |
| 10 | | | | ■ | | | | | | |

**Mitsivalana**
**1.** Rafitra vita amin'ny hazo ao amin'ny trano iray **2.** Karazam-by - Mpampitohy **3.** Tanimboly **4.** Homem-boninahitra **5.** Ranom-bava - Azo amin'ny voaloboka (miv) **6.** Valizy goavana (miv) **7.** Safotra, very dia (miv) **8.** Zava-maniry - Navelan'ny razana (miv) **9.** Naoty - Hazandrano (miv) **10.** Renirano - Raha ny hevitray

**Mitsangana**
**A.** Zava-maneno - Akana vao mitombo **B.** Nanakaiky (miv) **D.** Haingom-bolo **E.** Fifaninana hatsarana vehivavy **F.** Marika - ao amin'ny fery **G.** Handehanana am-panajana - Tsofoka **H.** Kere - Ravo **I.** Fanampin'anarana - Vorona (BR) **J.** Fitaovam-pantsakana - Andro **K.** Tsiro - Sakoroka - Aro moka

### Valiny Teny mifanaraka 0386

**Mitsivalana**
**1**.Narovana **2.** Ody (miv) - Tsy **3.** Fianaranay **4.** Posiposy **5.** Jono (miv) - Na **6.** Tolorana **7.** Ilo - Ampy **8.** No - Inty (miv) - Ma **9.** Anjara **10.** Taranja

**Mitsangana**
**A** Nifintana **B.** Ady - Olona **D.** Roapolo **E.** Nono - Tay (miv) **F.** Voasoratra **G.** Rija - Nar(a) **H.** Ap(oaka) - Nay **I.** Manonta (miv) - RN **J.** Sasa - PM **K.** VIII - Fiara

af

Alliance Française Tuléar

# DU 16 AU 26 MARS 2022

FRANCOPHONIE

Concours international
La Plume d'Or
23 mars - 9h

DIS-MOI
2021-2022
DIX MOTS
qui (d)étonnent

## CONCERT LOLO SY NY TARINY
18 mars - 20h / Vakok'Arts

## Programme

**CONCOURS TANTARA VATO**
16 mars - 15h30 / AF Tuléar

**ATELIERS FRANCOPHONE POUR LES PRIMAIRES**
18 mars - 8h30 / Collège Français

**LUDOTHEQUE**
19 mars - 15h30 / AF Tuléar

**APERO MUSICAL**
**Chanson francophone**
24 mars - 19h30 / Vakok'Arts

**COURSE RELAI**
26 mars - 8h

**CARNAVAL - CONCOURS DEGUISEMENTS SPECTACLE**
19 mars - 8h / Vakok'Arts

**DICTEE**
23 mars - 15h

**CONFERENCE**
25 mars - 17h / AF Tuléar

**REMISE DES PRIX SPECTACLE**
26 mars - 15h / Vakok'Arts

Organisation internationale de la francophonie

**Sponsor officiel**

orange

**Partenaires:**

Ocean Farmers
Copefrito
IOT
Mada Green Power